
**Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany



# Fiadanana eto amin'ity Fiainana ity

Ho antsika rehetra izay efa tonga teto amin'ny fiainana an-tany, ny Mpamonjy dia nilaza hoe: "Atỳ amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana" (Jaona 16:33). Na izany aza anefa dia nanome ity fampanantenana mahafinaritra ity ho an'ny mpianany Izy nandritra ny asa fanompoany teto an-tany manao hoe: "Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo" (Jaona 14:27). Mitondra fiononana ny mahafantatra fa io fampanantenana fiadanana ho an'ny tena manokana io dia mbola mitohy ho an'ireo mpianany rehetra amin'izao fotoana izao.

Ny sasany amintsika dia miaina amin'ny toerana kanto sy milamina, kanefa mbola miaina tsy filaminana anaty isika. Ny sasany dia mahatsapa fiadanana sy fahatoniana tanteraka ao anatin'ny famoizana havan-tiana, ny loza, ary ny fitsapana tsy an-kiato.

Mety efa nahita ny fahagagana avy amin'ny fiadanana teny amin'ny tarehin'ny mpianatr'i Jesoa Kristy ianareo na naheno izany avy tamin'ny teny izay nolazainy. Efa hitako imbetsaka izany. Indraindray dia tany amin'ny efitry ny hopitaly izay nahitana fianakaviana nivondrona manodidina ny mpanompon'Andriamanitra iray izay efa eo ambavahoan'ny fahafatesana izany.

Tsaroako ny namangiako vehivavy iray izay tany amin'ny hôpitaly andro vitsivitsy talohan'ny nahafatesany noho ny homamiadana. Nentiko niaraka tamiko ny zanako vavikely roa satria ity rahavavy mahafinaritra ity dia efa mpampianatr'izy ireo tao amin'ny Kilonga.

Niangona nanodidina ny fandriany ny fianakaviany, izay naniry ny hiaraka taminy nandritra ireo ora farany niainany teto an-tany. Talanjona aho raha niarina nipetraka teo ambony fandriana izy. Nanakatra ireo zanako vavy izy dia nampahafantatra azy ireo tsirairay tamin'ny tsirairay tamin'ny fianakaviany. Toy ireny fianakavian'ny mpanjaka izay ampahafantarina ao an-dapan'ny mpanjaka vavy ireny no niresahany ireo zanako vavy. Nahita fomba nilazany zavatra mikasika ny fomba maha-mpianatry ny Mpamonjy ny olona tsirairay tao amin'ilay efitrano izy. Mbola tsaroako foana ny hery sy ny hatsaram-panahy ary ny fitiavana tsapa avy amin'ny feony. Ary mbola tsaroako ny nahagaga ahy tamin'ny tsikiny feno fifaliana na dia fantany aza fa kely sisa ny andro iainany.

Efa nahazo tsodrano fankaherezana avy amin'ny fisoronana izy, ary ankoatra izay dia nanome fijoroana ho vavolombelona velona ho anay rehetra izy fa ny fampanantenan'ny Tompo fiadanana dia marina: "Izany teny izany efa nolazaiko taminareo mba hanananareo fiadanana amiko. Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao" (Jaona 16:33).

Nanaiky ny fanasany izy, izay azontsika rehetra ekena koa, na inona na inona fitsapana sy olantsika:

"Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho hanome anareo fitsaharana.

"Ento ny ziogako ka mianara Amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo hianareo" (Matio 11:28–29).

Amin'ny alalan'ny fanarahana ny Mpamonjy irery ihany no ahafahantsika tsirairay mahita fiadanana sy fitoniana ao anatin'ireo fitsapana izay ho tonga eo amintsika rehetra.

Ny vavaky ny fanasan'ny Tompo dia manampy antsika hahafantatra ny fomba ahitana izany fiadanana izany eo anivon'ireo fahoriana misy eo amin'ny fiainana. Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika dia afaka manapakevitra ny ho mahatoky amin'ny fanekempihavanana nataontsika mba hanaraka Azy.

Mampanantena ny tsirairay amintsika fa hahatsiaro ny Mpamonjy. Afaka misafidy ny hahatsiaro Azy amin'ny fomba tsara indrindra izay mitaona ny fonao hanatona Azy ianao. Indraindray ho ahy, dia ny maka sary an-tsaina Azy mandohalika ao amin'ny Saha Getsemane izany, na maka sary an-tsaina Azy miantso an'i Lazarosy hivoaka ny fasana. Rehefa manao izany aho, dia mahatsapa fa akaiky Azy kokoa sy mahatsapa fankasitrahana izay mitondra fiadanana ao am-poko.

Mampanantena ihany koa ianao ny hitandrina ny didiny. Mampanantena ny hitondra ny anarany eo aminao ianao ary ho vavolombelony. Mampanantena Izy fa raha mitandrina ny fanekempihavanana nataonao Taminy ianao dia hiaraka aminao ny Fanahy Masina. (Jereo ny F&F 20:77, 79.)

Mitondra fiadanana amin'ny fomba roa izany farafahakeliny. Manadio antsika amin'ny fahotantsika ny Fanahy Masina noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ary ny Fanahy Masina dia afaka manome antsika ny fiadanana izay azo avy amin'ny fahazoana sitraka avy amin'Andriamanitra sy ny fanantenana ny fiainana mandrakizay.

Ny Apôstôly Paoly dia niresaka momba ity fitahiana mahafinaritra ity: "Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, finoana" (Galatiana 5:22).

Rehefa nidera ny fahaterahan'ny Mpamonjy ireo iraky ny lanitra dia nanambara hoe: "Voninahitra any amin'ny avo indrindra ho an'Andriamanitra! Ary *fiadanana* ho ety ambonin'ny tany." (Lioka 2:14; nampiana fanamafisana). Mijoro ho vavolombelona aho amin'ny mahavavolombelon'i Jesoa Kristy ahy fa ny Ray sy ny Zanany malala dia afaka maniraka ny Fanahy mba hamelana antsika hahita fiadanana eto amin'ity fiainana ity, na inona na inona fitsapana mety ho avy eo amintsika sy ireo olon-tiantsika.

**FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY**

Ny Filoha Eyring dia nampianatra fa ireo vavaky ny fanasan'ny Tompo dia afaka manampy antsika hahafantatra ny fomba ahafahantsika mahita fiadanana mandritra ireo fitsapana iainantsika. Mampahatsiahy antsika izy ireny fa raha mitandrina ny fanekempihavanantsika isika, dia hanana ny fampanantenan' Andriamanitra fa hiaraka amintsika ny Fanahy Masina. Anontanio ireo izay ampianarinao hoe afaka manampy antsika hanana fiadanana amin'ny fomba ahoana ny fananana ny Fanahy Masina miaraka amintsika. Azonao atao ihany koa ny mizara ny eritreritrao na ny zavatra niainanao mikasika ny fomba nanampian'ny Fanahy Masina anao hahatsapa fiadanana tao anatin'ny fitsapana. Azonao atao ny mamporisika ireo izay ampianarinao mba hisaintsaina ity hafatra ity mandritra ny Fanasan'ny Tompo amin'ity herinandro ity.

## ZATOVO

### Amin'ny fomba ahoana no hahatsiarovanao ny Mpamonjy amin'ity herinandro ity?

Ny Filoha Eyring dia mamporisika antsika mba "hisafidy ny hahatsiaro [ny Mpamonjy] amin'ny fomba tsara indrindra izay mitaona ny fonao hanatona Azy."

Amin'ny fomba ahoana no "ahatsiarovanao Azy mandrakariva" mandritra ny herinandro (jereo ny F&F 20:77, 79)?

Manana Soratra Masina tena tianao momba ny Mpamonjy ve ianao? Azonao atao ny manisy marika soratra masina hafa isan'andro mandritra ity herinandro ity dia mizara izany amin'ny olona.

Moa ve mihira fihirana na hira mampahery ao antsainao ianao rehefa mahatsapa fa ory? Misafidiana ohatra hira iray izay miresaka manokana momba ny Mpamonjy amin'ity herinandro ity.

Moa ve ianao misaintsaina ny fiainan'ny Mpamonjy sy ny sorompanavotana nataony mandritra ny Fanasan'ny Tompo isan-kerinandro? Afaka miomana amin'ny Fanasan'ny Tompo ianao amin'ny alalan'ny fahatsiarovana ireo safidy ataonao mandritra ny herinandro mba hahatsiaro mandrakariva ny Mpamonjy sy hibebaka amin'ireo fotoana izay naha-sahirana anao tamin'ny fahatsiarovana Azy.

Moa ve ianao mivavaka mba hanana fahafahana hizara ny filazantsara isan'andro? Miezaha miresaka ny filazantsara mandritra ity herinandro ity izay mifantoka amin'ny Mpamonjy. Azonao atao ny mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananananao momba ny Mpamonjy mandritra ny takarivan'ny mpianakavy na miresaka amin'ny namana any am-pianarana momba ny traikefa nanananao tany am-piangonana.

Mametraha tanjona mba hahatsiarovanao ny Mpamonjy amin'ny fomba miavaka amin'ity herinandro ity. Resaho amin'ny ray aman-dreny, na amin'ny iray tampo, na amin'ny mpitarika, na amin'ny namana ny tanjonao. Rehefa mifarana ny herinandro dia resaho amin'izy ireo ny zava-nitranga. Samy hahatsapa ilay fiadanana sy fahasambarana izay noresahan'ny Filoha Eyring ianareo.

## ZANAKA

### Manatona an'i Kristy

Ny Mpamonjy dia nampanantena ny hanome antsika fiadanana rehefa "manatona [Azy]" (Matio 11:28) isika. Izany dia midika hoe manaraka ny ohatra nasehony sy miezaka mijanona eo akaikiny.

- Maneho fanajana mandritra ny Fanasan' ny Tompo.
- Misafidy ny ho tsara fanahy sy tsy mitsara ny hafa.
- Mamaky momba ny Mpamonjy ao amin'ny soratra masina.

© 2016 by Intellectual Reserve, Inc. All right reserved. Natonta tany Etazonia. Fankatoavana ny tamin'ny teny Anglisy: 6/16. Fankatoavana ny fandikana: 6/16. Fandikana ny *First Presidency Message, December 2016*. Malagasy. 12872 654

# Ny fifalian'ny fianakaviana dia hita ao amin'ny fahamarinana

*Halalino ombam-bavaka ity hafatra ity ary katsaho ny hahafantatra izay tokony hozaraina. Nahoana no hampitombo ny finoanao an' Andriamanitra sy hitahy ireo izay iandraiketanao amin'ny alalan'ny famangiana isan-tokantrano ny fahatakarana ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao"? Ho fanampim-pahalalana bebe kokoa dia tsidiho ny* ***reliefsociety.lds.org****.*

**Finoana, Fianakaviana, Fanampiana**

"Namorona fianakaviana [Andriamanitra] mba hitondra fifaliana ho antsika, mba hanampiana antsika hianatra fitsipika marina ao anatin'ny tontolo feno fitiavana, ary hanomana antsika ho amin'ny fiainana mandrakizay."[1] Momba ny "drafitra lehiben'-ny fahasambaran'" Andriamanitra (Almà 42:8), ny Filoha Russell M. Nelson, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nilaza fa: "Ny drafiny dia manambara fa misy ny lehilahy sy ny vehivavy 'mba hahazo fifaliana' [2 Nefia 2:25]. Tonga izany fifaliana izany rehefa misafidy ny hiaina araka ny drafitra mandrakizain'Andriamanitra isika."[2]

Ny tokantrano mifototra amin'i Kristy dia manome ny fahafahana lehibe indrindra hahazoana fahombiazana. Ny Loholona Richard G. Scott (1928–2015) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia namaritra izany ho toy ny toerana iray izay "[ampianarana] ny filazantsara, [hitandremana] ireo fanekempihavanana, ary [hiavosan'ny] fitiavana," izay toerana ahafahan'ny mpianakavy miaina "fiainana feno fankatoavana" ary ho tonga "mifototra mafy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy"[3]

Ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia niteny hoe: "Afaka manapa-kevitra ny hanao izay rehetra azontsika atao isika mba hitondra ny herin'ny lanitra ho ao amin'ny fianakavian[tsika]." Ary isika no tena tokony hamporisika ny fitiavana, ny fanompoana, ny fankatoavana, ary ny fifaliana ao amin'ny tokantranontsika amin'ny alalan'ny "fandrenesan'[ireo zanantsika] ny tenin'Andriamanitra ary aorian'izay dia mampihatra izany am-pinoana. Raha manao izany izy ireo dia hiova amin'ny fomba izay hitondra ny fiadanana izay katsahiny ny toetran'izy ireo."[4]

### *Tokantrano mifototra amin'i Kristy*

Manana ohatra tsara momba ny tokantrano mifototra amin'i Kristy isika ao amin'ny Soratra Masina. Taorian'ny nahafatesan'i Lehia rainy dia nitondra ny fianakaviany sy ireo izay nino ireo fampitandremana sy fanambaran'Andriamanitra ary ireo izay nihaino ny tenin'i Nefia hiala ny tanin'ny Lamanita i Nefia. Tao amin'io toerana vaovao io ny Nefita dia afaka nitandrina ny lalàna sy ny fitsipika ary ny didin'ny Tompo tamin'ny zavatra rehetra, araka ny lalàn'i Mosesy (jereo ny 2 Nefia 5:6–10). Na dia izany aza dia nisy tamin'ireo Nefita no lasa tsy nankatò taty aoriana.

Ary na dia mety tsy miaina amim-pahamarinana intsony tahaka ny Nefita aza indraindray ny olona ao amin'ny fianakaviantsika dia nilaza ny Loholona Scott fa ny tokantrano mifototra amin'i Kristy dia mbola afaka "manome fahatokian-tena lehibe amin'ny fahazoana fiadanana sy toerampialofana ao an-tokantranontsika." Nanaiky izy fa "mbola hisy ireo olana sy fahoriana maro, saingy na dia ao anatin'ny fahasarotana aza, dia afaka ny hanana fiadanana anaty sy fifaliana lalina isika."[5]

### *Soratra masina fanampiny*

3 Jaona 1:4; 1 Nefia 8:12; 2 Nefia 5:27

#### FANAMARIHANA

1. *Boky Torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 1.1.4.
2. Russell M. Nelson, "Fanambadiana mandrakizay," *Liahona,* nôv. 2008, 92.
3. Richard G. Scott, "Mba Hahazo Fiadanana ao An-tokantrano," *Liahona,* mey 2013, 30, 31.
4. Henry B. Eyring, "The Teachings of 'The Family: A Proclamation to the World,'" *New Era,* sept. 2015, 5, 6.
5. Richard G. Scott, "Mba Hahazo Fiadanana ao An-tokantrano," 31.

### *Eritrereto Ity*

Inona no azontsika atao mba hiaina amim-pahamarinana bebe kokoa eo anivon'ny fianakaviantsika?

© 2016 by Intellectual Reserve, Inc. All right reserved. Natonta tany Etazonia. Fankatoavana ny tamin'ny teny Anglisy: 6/16. Fankatoavana ny fandikana: 6/16. Fandikana ny *Visiting Teaching Message, December 2016*. Malagasy. 12872 654